Malagasy Protestant Church in France
Madegassiche Protestantische Kirche in Frankreich
Eglise Protestante Malgache en France
Fiangonana Protestanta Malagasy aty Andafy

Siège national
47 rue d Clichy
75311 Paris Cedex 09
Tél : 01 45 96 03 05

# FIARAHA-MIVAVAKA ALAKAMISY 14 MAI 2020

**Lohahevitra:** **Katsaho aloha ny fanjakan'Atra sy ny fahamarinanay**
Mifanaiky @ fatahorana an'i Kristy (Efe 5.21)

**Mitarika : Dr Rev Seth Rasolondraibe**

Amin'ny anaran'ny Ray sy ny Zanaka sy ny Fanahy Masina

**HIRA** 191

Vavaka

**Teny fampidirana ny texte du jour (Efe 5.21)**

**HIRA Antoko Mpihira "Ampidino eto anio"**

## Vakiteny 1 Efes 5.15-18

`15Koa tandremo tsara izay fandehanareo, mba tsy hitondranareo tena tahaka ny
adala, fa tahaka ny hendry, 16ka **hararaoty** ny andro azo anaovan-tsoa, fa ratsy izao
fiainana izao. 17Ary noho izany dia aza manao adaladala, fa aoka ho fantatrareo izay
**sitrapon'ny** Tompo. 18Ary aza ho mamon-divay ianareo, fa amin'izany dia misy
fanaranam-po amin'ny ratsy, fa aoka hofenoina ny Fanahy,

**Fanazavana Fohy**

**HIRA 14.1**

**VAVAKA ISAM-PIANAKAVIANA**

**VAVAKA MPITANDINA**

## VAKITENY 2. Efes 5.19-21

19ka mifampilazà amin'ny salamo sy ny fihirana ary ny tonon-kiram-panahy, dia
mihira sy mikalo ao am-ponareo ho an'ny Tompo. 20misaotra an'Andriamanitra Ray
mandrakariva noho ny zavatra rehetra, amin'ny anaran'i Jesosy Kristy
Tompontsika, 21sady mifanaiky amin'ny fahatahorana an'i Kristy,

**Fanazavana Fohy**

**HIRA 452.1 sy 3**

**VAVAKA ISAM-PIANAKAVIANA**

**VAVAKA MPITANDINA**

**VAKITENY 3. Efes 5.22-28**

22Hianareo vehivavy, maneke ny vadinareo tahaka ny anekena ny Tompo. 23Fa ny lahy no lohan'ny vavy, dia tahaka an'i Kristy koa no Lohan'ny fiangonana; ary Izy no mpamonjy ny tena. 24Fa tahaka ny aneken'ny fiangonanaan'i Kristy no haneken'ny vavy ny lahy koa amin'ny zavatra rehetra. 25Hianareo lehilahy, tiava ny vadinareo, dia tahaka ny nitiavan'i Kristy ny fiangonana ka nanolorany ny tenany hamonjy azy, 26mba **hahamasina** azy amin'ny anadiovany azy amin'ny rano fanasana amin'ny **teny**; 27mba horaisiny ho an'ny tenany izany ho fiangonana malaza tsy misy **pentimpentina**, na **fiketronana**, na izay toy izany, fa mba ho masina sady tsy misy tsiny izy. 28Dia tahaka izany koa, ny lehilahy tokony ho tia ny vadiny tahaka ny tenany ihany. Izay tia ny vadiny dia tia ny tenany.

***Fanazavana fohy***

**HIRA 170. 1 sy 4**
**VAVAKA ISAM-PIANAKAVIANA**
**VAVAKA MPITANDINA**

**VAKITENY 4. Efes 5.29-33**

29Fa tsy mba nisy olona tsy tia ny nofony, fa mamelona sy mitaiza azy, dia tahaka an'i Kristy amin'ny fiangonana; 30fa momba ny tenany isika. 31Ary noho izany ny lehilahy dia handao ny rainy sy ny reniny ka hiray amin'ny vadiny, ary dia ho nofo iray ihany izy roroa (Gen. 2. 24). 32Zava-miafina lehibe izany; fa milaza ny amin'i Kristy sy ny fiangonana aho. 33Na dia izany aza, samia tia ny vadiny tahaka ny tenany ianareo lehilahy rehetra, ary aoka kosa ny vavy hanaja ny lahy.

**Fanazavana Fohy:**

**HIRA 470. 1 sy 5**

**VAVAKA ISAM-PIANAKAVIANA**

**VAVAKA MPITANDINA + VAVAKA NAMPIANARIN'NY TOMPO**

**Teny FANDRAVONANA**

**1Pet 3.8-10**

Farany, miraisa saina ianareo rehetra. ka miaraha ory, mifankatiava tahaka ny mpirahalahy, mifamindrà fo, manetre tena, 9tsy mamaly ratsy ny ratsy, na fanaratsiana ny fanaratsiana; fa aoka hisaotra kosa, satria ho amin'izany no niantsoana anareo mba handova fitahiana. 10"Fa na iza na iza maniry fiainana sy tahahita andro soa, Aoka izy hiaro ny lelany amin'ny ratsy Ary ny molony mba tsy hiteny fitaka;

**HIRA 338**

**TSO-DRANO**